# ALAHADY TSOTRA FAHA 13 MANDAVANTAONA A 2023




## *NY SOA ATAO, LEVENAM-BOLA*

Ry Kristianina havana, averimberintsika matetika fa izao vanim-potoana mandavan-taona izao no entintsika hanamafy ny fandalinam-pinoana fa indrindra amin'izao isika miatrika ny Sinaody faha-7 izao. Araka ny averimberintsika koa tsy hoe manao Sinaody par étape isika fa étapen'ny sinaody, raha atao amin'ny teny hafa, dingan'ny sinaody. Sinaody iray ihany no ataontsika mba ahafahantsika mamehy aza tsara ary hitondra antsika amin'ny Pantekoty vaovao no andalinantsika araka ny station. Ny vakiteny koa manasa antsika handalina ny finoana satria vakiteny mitohy ho an'ny Evanjely sy amin'ny vakiteny faharoa fa ny vakiteny voalohany no safidiana mifanaraka amin'ny Evanjely. Ny tanjona fa indrindra amin'ny Sinaody dia ny hahatonga antsika ho Tabernakla velona tahaka an'I Masina Maria mitondra an'I Jesoa eo anivon'ny Mpiara-belona izany hoe hahatonga antsika no Kristy mpiara-belona amin'olona.

Efa hatramin'ny fiomanana tamin'ny Noely isika no nandinika "Iza moa i Kristy mpiara-belona amintsika ?" Amin'izao mandavantaona izao, feno ny Fanahy masina isika ka maniraka antsika eran'izao tontolo izao i Jesoa Kristy, nandresy ny ratsy izy, nitsangan-ko velona. Izay vôkasiontsika izay no nodinihintsika tamin'ny Alahady faha-11 ary tamin'ny alahady-12 kosa dia nandinika isika fa tsy mora ny mivelona an'Izay vôkasiona izay. Soa ihany fa tsy irery isika fa manampy antsika ny fahasoavan'Andriamanitra.

> **Vakiteny I :** 2 Mpanj. 4, 8-11. 14-16a
> **Tononkira :** Salamo 88
> **Vakiteny II :** Rôm. 6, 3-4. 8-11
> **Evanjely :** Mt. 10, 37-42

Amin'izao Alahady faha-13 mandavantaona izao kosa dia ny toetra anankiray tsy maintsy ananantsika mba hahatonga antsika Kristy mpiara-belona amin'olona no ambaran'ireo vakiteny masina aroson'ny Eglizy amintsika :

"Ny soa atao levenam-bola fa ny ratsy atao loza  mihantona".

Ny zavatra tsy maintsy ho halalinintsika ary tsy maintsy hiainantsika dia mikasika ny fandraisana sy ny fahaizana mampiantrano an'izay rehetra manodidina antsika. Izany no ambaran'i Jesoa ao amin'ny Evanjely " *Izay mandray anareo mandray ahy ary izay mandray ahy mandray izay naniraka ahy dia ny Ray*.

Ny vakiteny voalohany dia mitantara ny nampiantranoin'ilay vehivavy mananontena tao Sonàma an'i Elisea mpaminany, sarotra ny fiainana, fahoriana lehibe no nanjaka tamin'izany fotoana izany ary ilay mananontena dia efa vonona hiatrika ny fahafatesana. Azo lazaina fa mitovitovy amin'ny fiainantsika mianakavy amin'izao fotoana iainantsika izao ny toe-java-nisy tany Sonàma. Firifiry tokoa ny mitaraina, maro ny tratran'ny fahasahiranana tahaka an'io vehivavy mananontena io. Tamin'izay indrindra no nampiantrano an'i Elisea izy ary Elisea nilaza tamin'ilay vehivavy fa hahazo fahasoavana ianao satria tsy nisalasala izy nampiantrano an'i Elisea mpaminany amin'ny maha-mpaminany azy.

Io koa no hamafisin'ny Evanjely androany : "*Izay mandray ny mpaminany dia hahazo ny valisoan'ny mpaminany, ary izay mandray olo-marina dia hahazo valisoan'ny olo-marina*".

Tanteraka tamin'ilay vehivavy sy ny vadiny tokoa io zavatra nolazain'i Jesoa ao amin'ny Evanjely io, satria izao no nataon'i Elisea mpaminany *"Ary hoy i Elisea: "Ka inona àry no hatao ho azy?" Dia hoy ny navalin'i Giezi: "Zanaka no tsy ananany ary ny lahy efa antitra". Dia hoy Elisea : Antsoy àry izy". Dia nantsoiny izy ka nijanona teo am-baravarana; ka hoy i Elisea taminy: "Raha afaka herintaona amin'izao fotoana izao, dia hisafosafo zazalahy ianao"*.

Izay ilay andrasana amintsika ry Kristianina havana mba hahafantaran'olona fa isika no Jesoa mpiara-belona amin'olona dia mizara fahasoavana isika, mandray olona ary manokatra ny fontsika, manokatra ny fiainantsika mba hahafantaran'ny olona fa i Jesoa tokoa no manasoa ny fiainantsika. "*Ary na iza na iza hanome rano mangatsiaka na dia eran'ny kapoaka monja aza hosotroin'ny anankiray amin'ireo madinika indrindra ireo, noho izy mpianatro, dia lazaiko marina aminareo fa tsy ho very valisoa izy?*" Izany hoe mampiombona ny fiainana amin'i Jesoa, izany no mpiara-belona amin'i Kristy.

Takina amintsika izany ry Kristianina havana, matoa i Jesoa milaza hoe *fa izay tia ny rainy sy ny reniny mihoatra noho izaho dia tsy mendrika ahy, izay tia ny zanany lehilahy na vehivavy mihoatra noho izaho dia tsy mendrika ahy…* Tsy hoe hanilikilika no tadiavin'i Jesoa fa hametraka azy ho eo anivon'ny fiainantsika sy izao ataontsika rehetra, raha izy no ivon'ny fiainantsika dia mihoatra noho ireo fikarakarana ny Ray aman-dReny sy ny manodidina rehetra ka mampahazo ny fahasoavana. Amin'ny alalany sy miaraka aminy ary ao aminy no entintsika miombona amin'ireo manodidina antsika.

Tian'i Jesoa ampahafantarina amin'io fepetra lazainy io ny hataontsika amin'ny fanarahan-dia azy. Tahaka azy manana ny toetra maha-Andriamanitra kanefa nataony tsinontsinona izany. Mba hanambarany izany fahasoavana ao aminy izany dia lasa mpiara-belona amintsika izy ka nahafoy ny ainy teo amin'ny hazo fijaliana noho ny fitiavany antsika. Ny fitiavana no atao ambony indrindra ka

ao anatin'izany ny fitiavana ny Ray aman-dReny, izany no tian'i Jesoa ambara ka zary famantarana ho an'ny zanaka. Izany ny mpiara-belona amin'i Jesoa ka zary fanasina sy fahazavana isika.

Ahoana àry ny hahatongavan'izany ?

Rehefa ao amintsika tokoa i Kristy dia miara-maty aminy isika hoy i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa, dia hiara-belona aminy isika ka zary mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika sy Kristy velona eo amin'ny mpiara-belona amintsika isika. Inona moa ny dikany hoe “miara-maty amin’I Kristy amin’ny fahotana… “ Tsy inona no tian’I Md Paoly lazaina eto fa miezaka isika manala izay rehetra mi”encombrés” ny fontsika toa ny fitiavan-tena, lainga, avonavona, fialonana… fa manome toerana an’I Jesoa amin’ny fanahafana azy, izany hoe mivelona ny marina, mampanjaka ny rariny sy hitsiny, mamafy fiadanana sy hafaliana… Raha atao teny hafa dia, feno an'i Kristy ny fiainantsika, tsy hoe midika atao tsinontsinona ny Ray aman-dReny na ny zanaka fa i Kristy no "référence principale", izy no "répère" ho entina manatanteraka an'izay rehetra atao. Io ilay lazaintsika rehefa mankalaza ny Eokaristia hoe: “amin’ny alalan’I Krsity, sy miaraka aminy sy ao aminy….”

Tsy hoe natao ho an'ny pretra na ho an'ny mpanara-dia akaiky an'i Kristy fotsiny izao tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady faha-13 izao fa natao ho an'izay vita batemy izany hoe raha tena EOV marina isika dia tsy maintsy mahafoy ny zava-drehetra noho I Kristy ka amin’ny alalany sy ao aminy sy miaraka aminy no entintsika miatrika ny fiainana….

Matetika averintsika ny hoe: tandremo fa raha tiantsika ho EOV, ho tempolin'Andriamanitra isika aoka tsy ho Eglizy mandray vonona fotsiny, mitazana fotsiny na mitan-damba, hoy ny vavaka fanentana ataontsika amin’izao Sianaody izao…. Azo hognona tsara ny antony hanatanterahantsika izao sinaody izao hahatonga antsika handray an-tanana. Tanteraka izany raha mahafoy isika, ka zary EOV Mpanompo, irahina zary Tabernakla velona. Mahafoy isika raha miezaka mikolokolo ny tontolo iainantsika toa izay manapotika. Mila izany izao androntsika izao.

Izany no azo amintinana ny Evanjely androany sy ireo vakiteny, ary azo amintinana koa ny loha-hevitra amin'izao Alahady faha-13 izao hoe " *ny soa natao ho levenam-bola fa ny ratsy atao kosa loza mihantona*". Izay mandray anareo mandray ahy, hoy Jesoa, ary izay mandray ahy mandray an'izay naniraka ahy ka zary fahasoavana na dia ireo mety manahirana aza satria miara-maty amin'i Kristy isika amin’ny fahotana mba hiara-belona aminy koa amin’ny fiainana hahitana fivelarana ny maha-olona manontolo sy ny olon-drehetra.

Ry Jesoa zokinay, ambaranao aminay ny toetra ilaina hanahafanay anao ka hahatonga anay ho Kristy Mpiarabelona amin’ny olona mba ho tafita eo amin’ny fiainana. Ampio izahay hahay hahafoy sy vonona hanompo. Masina Maria Reny, ampianaro izahay hifikitra amin’I Jesoa ka na dia mafy aza ny rivotra mifofo mitady handrendrika dia tsy ho very izahay manana anao Reny. Md Josefa, mivavahà ho an’ny fianakavianay mba ho Eglizy kely tokoa ka ho EGLIZY OLO VELOMIN’NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA ZARY TABERNAKLA VELONA.

Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson